Hetsiky ny Olom-pirenena miady amin'ny hosoka sy halabato...

## Tsy manaiky intsony ny famiravirana ny safidim-bahoaka ireo kandidà 2


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Talata 16 Jolay 2019 Laharana 930 Vidiny : 400 Ar

www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


**Jehovah, Madagasikara 14 jolay 2019, hafatra manokana laharana 52** 5

### Filoha Ravalomanana 2

# Vonona ho etsy Analakely sy eny Tsimbazaza



### Fitsenana ny Barea 7

# Tsy nisy ny fihoaram-pefy hoy ny polisy



### MINISTERAN'NY ATITANY 2

## Nivoaka ny maha ara-dalàna fa mpanohitra ny TIM



### Asan-jiolahy 6

## Tratra ireo mpamaky fiangonana, mpanendaka, ary mpangarom-paosy

### May trano tetsy Andravoahangy 6

## Tonga nanolotra fanomezana ho an'ireo traboina ny CUA

### Ambasadaoro Véronique Vouland 2

## Be loatra ny kolikoly eto Madagasikara

### Daka kely

Tsy tranompody anie izy ity ry Boaikely ka ho vitan'ny vava fotsiny e !

### Fitsenana ny Barea 5

## Niteniteny foana indray ny ministra Lalatiana



FILOHA RAVALOMANANA

## Vonona ho etsy Analakely sy eny Tsimbazaza



Tontosa ny sabotsy teo teny amin'ny Magro tanjombato ny kongresy nasionalin'ny antoko Tiako I Madagasikara (TIM). Anisan'ny votoatin'izany fihaonamben'ireo mpikatroka TIM an'arivony maro manderana ny Nosy izany ny fanamafisana indray ny maha-antoko mpanohitra ity antoko ity, teo koa ny fanavaozana ny rafitry ny antoko, ka misy ny rafitra vaovao, na organigramme naseho tamin'izany. Tsy ho 6 intsony ny filoha lefitra nasionalin'ny antoko fa 2, miampy mpitondra teny 1, ny sekretera jeneraly kosa dia tendrena fa tsy fidiana toy ireo filoha, sy ny filoha lefitra ary ny mpitondra teny. Mbola lany hitarika ny antoko indray nandritra ny kongresy naharitra 2 andro ny Filoha Marc Ravalomanana, filoha lefitra nasionaly misahana ny lafiny politika Me Helisoa kandidà depiote tany Toliara, filoha lefitra misahana ny lafiny toekarena sy sosialy, Dokotera Elysée kandidà depiote tany Fianarantsoa, ary ny mpampaka-teny dia dokotera Roger kandidà depiote tany Fenoarivo Atsinanana. Fangatahan'ireo mpizaika ny hirotsahan'i Dada ho kandidà ben'ny tanàna amin'ny kaominina Antananarivo Renivohitra. Ankoatra izany, tokony ho an'ny TIM ihany koa ny toeran'ny filohan'ny mpanohitra, ka hahazo toerana filoha lefitry ny Antenimierampirenena ao amin'ity andrimpanjakana mpanao lalàna ity noho izany ny antoko natsangan'ny filoha Marc Ravalomanana. Tsy ho 16 arak'izany ny isan'ny TIM ao amin'ny Antenimierampirenena fa hiampy iray ka ho lasa 17. Raha nanontanian' ny mpanao gazety mahakasika ny toeran'ny filohan'ny mpanohitra eny Tsimbazaza, sy ny ho ben'ny tanànan'Antananarivo hiasa etsy Analakely, sady tsy nitsipaka no tsy nanaiky izany ny filoha Marc Ravalomanana, nambarany fa azo atao avokoa izany rehetra izany fa mbola fandinihana kely. Arak'izany, azo lazaina ho vonona ho etsy Analakely sy ho eny Tsimbazaza ihany ny tenany, ny fanapahan-kevitra ato ho ato no hahafantarana izany rehetra izany.

***Isambilo***

Ministeran'ny atitany

## Nivoaka ny maha ara-dalàna fa mpanohitra ny TIM

Ny antoko politika Tiako i Madagasikara (TIM) ihany hatreto no nahafeno ny fepetra maha mpanohitra azy. Voaray ary neken'ny Ministeran'ny Atitany sy ny fitsinjaram-pahefana ny antontan-taratasy momba izany araka ny taratasy fanamarinana mitondra ny laharana 013-MID ho fampiharana ny lalàna 2011-013 ny 09 septambra 2011, mamaritra ny sata maha mpanohitra sy ny antoko mpanohitra. NambarandRamatoa Olga Ramalason, sekretera jeneralin'ny antoko TIM, fa mitaky andraikitra sy adidy goavana ny fijoroana ho mpanohitra ary hery lehibe entina manaramaso sy manitsy ny asan'ny fahefana mpanatanteraka ny fananana solombavambahoaka mitondra ny feon'ny fanoherana. Marihana fa ny antoko politika efa nanao fanambarana ampahibemaso ny fotokevitra ara-politikany mifanohitra amin'ny politikan'ny fitondram-panjakana mijoro ary efa nametraka izany teny anivon'ny Ministeran'ny Atitany sy ny fitsinjarampahefana aorian'ny fifidianana solombavambahoaka no afaka manolotra olona hitarika ny fanoherana eto amin'ny firenena araky ny lalàna 2011-013. Hatramin'izao dia ny TIM no nahafeno ireo fepetra ireo. Andrasana tsy ho ela noho izany ny fametrahana ny lehiben'ny mpanohitra izay manana sata mitovy amin'ny solombavambahoaka, ka hanampy isa ireo mpanao lalàna eny amin'ny lapan'ny Antenimierampirenena eny Tsimbazaza, hanana ny toeran'ny filoha lefitry ny Antenimierampirenena izany ho lehiben'ny mpanohitra izany.

***Stéphane***



*Ny sekretera jeneralin'ny antoko TIM, tetsy amin'ny ministeran'ny atitany Anosy omaly.*

*Ny Valosoa sy fakafaka*

Fitondrana Andry Rajoelina

## Ny mahafinaritra ihany aloha fa tsy ny mahasoa

Efa ho 7 volana izao no nitondra ny tany sy fanjakàna ny filoha napetraky ny HCC sy ny CENI, Andry Rajoelina sy ny mpiara-miasa aminy. Nandritra izany dia tsy araka ny fampanantenana nipoapoaka tamin'ny fampielezan-kevitra no hita fa lasa entanim-po amin'ny zavatra misy tampoka no hita. Tsy misy programa mazava fa mbola fampanantenana poak'aty hatrany no habosesika ho ren'ny vahoaka Malagasy. Miara-miaiky fa nitondra avo ny voninahi-pirenena ny BAREA ary reharehan'ny vahoaka Malagasy 22 tapitrisa manerana an'i Madagasikara izany. Fa ny indro kely dia adinon'ny filoha Rajoelina Andry fa firenena mahantra i Madagasikara, ary miaina ao anaty fahasahiranana ny ankamaroan'ny tokantrano Malagasy, ka mila jerena maika ny mikasika azy ireo. Tsy ny BAREA irery ihany akory no atao laharampahamehana eto, fa ny fijerena ny fahasahiranan'ny tokantrano Malagasy mahantra sy tsy mihinan-kanina izay lasa jerem-potsiny. Aoka hazava fa tontolon'ny baolina kitra eto Madagasikara dia misy zavatra marobe mila dinihana hakana ny hevitr'ireo mpitia baolina kitra rehetra fa tsy hoe entanim-po fotsiny ianao dia lazaina daholo izao fampanantenana poak'aty mampifalifaly vahoaka vetivety monja izao, nefa atao ohatra ny tsy misy iny avy eo. Vahaolana maharitra no mila hapetraka eto raha tiana ho lasa lavitra ny taranjampanatanjahantena rehetra eto amin'ny firenena fa tsy fampanofisana vahoaka fotsiny no atao. Manaraka izay, tsy ny taranja baolina kitra ihay no asiana resaka eto fa ny fiainan'ny vahoaka Malagasy amin'ny ankapobeny mihintsy. Ilay tena mankarary lasa safosafoina fotsiny hampandriana adrisa ny rehetra. Ilay fampanantenana bobaka be tamin'ny fampielezan-kevitra tsy mbola hita taratra mazava ny fanatanterahana azy na dia kely monja aza, fa ny zavatra vitan'ny mpitondra teo aloha no tokanana sy hireharehana etsy sy eroa havadika ho IEM. Raha akapoka ny resaka dia tsy ao anatin'ny sain'ny mpitondra TGV izany mihintsy ny fitenenana hoe «ny mahasoa aloha vao ny mahafinaritra». Mety efa zatra nampifaly vahoaka tamin'ny fampisehoana angamba ny filoha ankehitriny amin'ny maha DJ azy, ka izay ihany no itondràny ny firenena.

***Helisoa***

Hetsiky ny Olom-pirenena miady amin'ny hosoka…

## Tsy manaiky intsony ny famiravirana ny safidim-bahoaka ireo kandidà

Tsy manaiky intsony ny famiravirana ny safidimbahoaka ireo kandidà noresena tamin'ny fifidianana Solombavanbahoaka teo, hoy ny Hetsiky ny Olom-pirenena miady amin'ny hosoka sy ny fangalaram-bato, tetsy amin'ny Hotel Carlton omaly. "Ampy izay ny fanodinkodinana ny safidim-bahoaka sy ny halabato", hoy ireo rehetra nijoro vavolombebelona nilaza ireo endrika fangalarana nitranga manodidina ny fifidianana Filoham-pirenena sy solombavambahoaka farany teo. Tsy takona afenina intsony ireo tranga niseho tany amin'ny faritra sy distrika maro manerana ny nosy. Manginy fotsy ireo fitoriana an-jatony maro voarain'ny Fitsarana avo momba ny lalam-panorenana (HCC), saingy notsinontsinoaviny. Nambaran'ny mpahay lalàna iray sady mpilatsaka fidiana Filohampirenana, fa heloka eo anatrehan'ny lalàna ny tsy famoahana didy momba ny raharaha iray tsarain'ny mpitsara toy ny nataon'ireo mpikambana eo anivon'ny HCC. Teboka maromaro no takian'ny "Hetsiky ny olompirenena miady amin'ny hosoka sy ny fangalaram-bato", dia ny hanovana ireo mpikambana eo anivon'ny Voamiera mahaleo tena mikirakira ny fifidianana, na CENI, sy ny fanovana ny rafitr'ity andrim-panjakana ity hiantohana ny mangarahara sy ny fahadiovan'ny fifidianana ary ny tsy hisian'ny fitanilana. Ankoatra izay dia takiana ny hanasaziana ireo tompon'andraikitra ara-panjakana nitsabaka tamin'ny zotram-pifidianana ary ireo mpiasa eny anivon'ny rantsamangaikan'ny CENI, izay nanao hosoka sy nanodinkodina ny vokapifidianana. Raha tsy tanteraka ireo dia hahemotra ny fanatanterahana ny fifidianana ben' ny tanàna. Ny fiantohana ny tsy hiverenan'ny trangana hala-bato amin'ny fifidianana ben'ny tanàna sy mpanolotsaina kaominaly izay ho tanterahana amin'ity taona ity no antony andraisana ireo fepetra ireo hoy ireo nanapaka nandritra ity fihaonambe voalohan'ny "hetsiky ny olom-pirenena miady amin'ny hosoka sy ny fangalarambato" tao amin'ny Carlton Ampefiloha ity. Aorian'ity hetsika fampahafantarana ity izay nanasana ireo lehiben'antoko sy mpitarika politika ary fiarahamonim-pirenena dia hisy ny fitetezam-paritra hampahafantarana ny olom-pirenena tsy ankanavaka ny anto-pisian'ny hetsika sy ny tanjona ho tratrariny.




***Stéphane***

## Ny Valosoa sy hadihady

# Mbola tsy tena mampihavana ny Malagasy ny Barea

Vita iny ny resaka Barea sy ny fisomebisebena tamin'ny endriny samihafa teto amin'ny firenena. Tsy azo atao odian-tsy hita fa maro ny resaka nifamoivoy tao anatin'izany manoloana ireo lalao natrehiny sy indrindra iny teo amin'ny ampahaefa-dalana iny. Nisy ny nitovy fijery kanefa tao koa ny tena nifanohitra be mihitsy. Atao ahoana fa malalaka amin'ny fanehoan-keviny ny rehetra. Tsy iny fahombiazan'ny Barea iny na tsia no ilazana anefa fa mihavana ny Malagasy. Ho sarotra ny hino raha atao mihiratra tsara ny maso mijery ny fiaimpianana andavanandron'ny vahoaka, na ihany koa fifandraisan'ny vahoaka sy ny fitondrana mbamin'ny manam-pahefana. Ny zavatra tsikaritra dia atao ambany maso tsy hita ny tena marina amin'ny fomba fiainan'ny vahoaka. Tena efa mihavana marina ve ny Malagasy, fanontaniana apetraka hodinihina sy saintsainin'ny rehetra izany? Fa ny Malagasy mihavana izany, ny sary tokony ho hita, dia mila mitodika any amin'ny fombam-piainana tamin'ny andron'Andrianampoinimerina tany ho any. Nanjaka ny valin-tanana sy ny fifanajana mbamin'ny fanajana ny fipetraky ny zava-drehetra teo anivon'ny fiaraha-monina. Tsy misy Malagasy mora misendaotra raha voatohina kely izany eny rehetra amin'ny seho-piainana eny, fa misy ny fifanakalozan-kevitra tamin-kitsimpo tanteraka, ary diovina ny olam-piainana nitranga rehetra rehefa migadona ny taom-baovao Malagasy izay nantsoina hoe "andro fandroana". Raha miverina mihavana tokoa ny Malagasy ankehitriny, noho iny lalao baolina kitra iny, efa tsy misy intsony ny fitiavan-tena sy ny kinamanamana ataon'ny mpitondra na eo anivom-piarahamonina; mihalefy miandalana ny herisetra ary ny rehetra miara-mientana avokoa, miainga avy any ambony ka hatraty amin'ny vahoaka ifotony, miaramiady amin'ny fahalovana rehetra toy ny ady amin'ny kolikoly. Raha tena mihavana tokoa, dia misy ny fifampitsinjovana sy fifanampiana eo amin'ny samy mpiara-belona n'aiza n'aiza aleha manerana ny Nosy, ary ny tomponan'andraiki-panjakana sy manam-pahefana isan-tokony no lohany amin'izany. Maro ny azo tanisaina fa ireo no voaresaka aloha eto. Dia samy mandinika ny rehetra amin'ny zavatra hitany eo anivon'ny fiaraha-monina taorian'ireny rehetra ireny.

***Sôh'son***

Ambasadaoro Véronique Vouland

# Be loatra ny kolikoly eto Madagasikara




***Ny lanonana teny Ivandry ny alahady lasa teo.***

Teny amin'ny tranon'ny Masoivoho Frantsay teny Ivandry, no nankalazana ny fetim-pirenena Frantsay : 14 jolay, ny alahady teo. Iny koa no fetim-pirenena Frantsay nankalazainy farany teto amintsika ho an'ny Ambasadaoro Véronique Vouland, nahavita ny 4 taona niasany teto Madagasikara izy, ka hifindra any amin'ny toeran-kafa indray amin'ny maha-diplaomaty azy. Niatrika izany teny Ivandry nisolotena ny filoham-pirenena, ny ministry ny raharaham-bahiny Naina Andriantsitohaina, nanome voninahitra ny fotoana ny filohan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana Jean Eric Rakotoarisoa, teo koa ny filohan'ny CFM na ny Filan-kevitry ny Fampihavanana Malagasy Maka Alphonse, mpikambana maromaro ao amin'ny governemanta ary ny ben'ny tanànan' Antananarivo Lalao Ravalomanana, Filoha nasionalin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), Marc Ravalomanana,… Jery todiky ny asa nataony teto amintsika no nataon'ny Ambasadaoro tamin'izany : tsy maintsy manao izay azony ataony i Madagasikara mba hampihenana ny kolikoly hoy izy. Mba hanatanteraka ny tena anjara andraikiny ny fitsarana, ka hanatsahatra ny famotehana tsy ara-drariny ny zon'ny hafa, ny fangalana tsy ara-drariny ny fananan'ny hafa, ny fandrarana ny fivoahana any ivelany tsy misy fototra ara-dalàna, ny fanakonana valy faty, izay hita matetika loatra. Raha tsy tanteraka izany, tsy ho sahy hanamaivana ny loza mety hihàtra ireo mpampiasa vola tsy miankina. Ankoatra izany, nampiasa saina ny vondrona iraisam-pirenena manontolo hoy izy ny fahalemen'ny demokraskia Malagasy. Fa noho ny hatanjaky ny andrim-panjakana sy ireo filohany avy, noho ny fihetsika matotra nasehon'ny mpanao politika niray hina tao anatina fotoana manokana nandritra ny lanonampianianana, ary noho ny fahendren'ireo mpifidy Malagasy, dia nahavita dingana goavana ny firenena tamin'ny fanamarinan-toerana ny demokrasia, izay vao namafisin'ny fifidianana depiote farany teo. Nilaza ihany koa ny Masoivoho Frantsay Véronique Vouland momba ny fiarovana ny olona sy ny fananany fa mbola mitoetra ho loza aman'atambo ny fitambaran'ny asan-jiolahy. Ankoatra izany, nisy hoy ity diplaomaty ity ny fihenan'ny fahantrana eo anivon'ireo vahoaka marefo indrindra sy ny tanora. Hanohana indrindra ny ministeran'ny fanabeazana fototra ny Frantsay, hanatsara ny votoatiny sy ny fitaovana, mba hahafahan'ny mpianatra maro hahazo fanabeazana misy kalitao, hanatsara ny fanabeazana hifanaraka amin' ny tsenan'ny asa, izay tokony handray 5 hetsy tanora vaovao isan-taona. Mahaliana ny mpandraharaha Frantsay i Madagasikara, hisy ny iraka avy amin'ny fitambaran' ny lehibena orinasa Frantsay ho avy eto Madagasikara amin' ny volana oktobra ho avy izao. Ankehitriny ny orinasa Frantsay dia mampiasa olona 5 alina mahery amin'ny sehatra ara-dalàna ary mandray anjara amin'ny ampahany lehibe amin' ny tetibolam-panjakana. Nataon'i Frantsa ho isan'ny lohahevitra lehibe ny fadinihana ny iraisam-pirenena, fanamby momba ny fitantana, noho izany dia hikarakara ny Fihaonamben'i Paris momba ny fandriampahalemana i Frantsa ny 11 sy 13 novambra ho avy izao. Mazava ho azy fa handray anjara ho voaasa amin' izany i Madagasikara.

***Isambilo***


**PRIERE AU SACRE CŒUR**



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.
Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Fikirizana R**


## NY TENY FIAINANA

***Ohabolana 3:33***

*Ny ozon'i Jehovah dia ao an-tranon'ny ratsy fanahy; fa ny fonenan'ny marina dia tahiny kosa.*

facebook NY VALOSOA VAOVAO

## Misy ny mangataka ny firotsahan'i Dada ho ben'ny tanànan'Antananarivo



**Andriamihaja Kevin** : nangataka hilatsahan'i Dada Marc Ravalomanana ho ben'ny tanàna ny solombavambahoaka Tim ! Ny tenako moa dia efa naniry an'izay fangatahana izay ! Mila mamakafaka tsara satria misy tetibolam-panjakana ny asan'ny CUA . Misy volapanjakana mihodina ao . Moa ve azo antoka fa tsy hanidy io vola io ny fanjakana na koa homeny manontolo ny vola natokana hiasan'ny Cua? Hiaramahita ny zava-misy eto @ firenena.

**Vona Ny Riana** : izaho indray miombon-kevitra amin' ireo depiote. Io tsy resaka hoe mietry na midina fa ny zavatra rehetra raha te higoka mamy dia mila jerena sy atao am-pitiavana sy am-panetren-tena !!! Raha mbola tiany sy iriany ny hanasoa vahoaka dia aleo tokony ho ben'ny tanàna indray i Dada e!

**Lova Mananjara** : sur mihintsy, Dada hanohy ny asan'i Neny ho tena hitondra fampandrosoana ny tanàna sy ny vahoakan'Antananarivo.

**Vona Ny Riana** : ny olona mino dia manaraka sy manaiky ny sitrapon' izay namorona azy. Raha mbola tian' Antananarivo koa ny hanana azy ho ben' ny tanàna dia manaiky izay safidiny ny vahoaka Andriamanitra.

**Benjamin Ramaroson** : mizara 2 ny hevitra ato, ny mampisalasala d ity ..raha lany soa aman-tsara izy d sur ve ianareo fa hisosa ara-dalàna ny fanomezana anjara vola tokony homen'ny fanjakana ny CUA? amin'ny lafiny ilany indray d tianay izy ho maire satria ef hita ny hatsaràn'ny renivohitra fony izy maire...

**Andriamisara Randriamaherisoa** : ny hevitro manokana dia Aleo Dada hilatsaka hofidiana ben' ny tanànan ' Antananarivo fa tsy midika fietrena izany fa fitiavan- tanindrazana ! Tsy manery azy anefa fa olon-kendry izy mahay mandalina sy mandinika tsara ! Ekenay Dada izay fanapahankevitrao !

**Jean Juls Lay** : na ben'ny tanàna, na filohan'ny mpanohitra mety aminy avokoa.

## TONONKALO

## Ny hiram-pirenena

Tena marina raha hainy izany hiram-pireneny,
Nefa anie ka Malagasy , gasy ray sy gasy reny !
Toa tsy mihetsika ny molony ? tena mampisalasala
Raha hadino hatramin`ny hoe "ry tanindrazanay malala" !

Ny an`ny hafa no hiraina , ny an`ny hafa no isalorana,
Ary dia atao modely ny famindram-pozaorana ?
Izany ve no fandrosoana , izany ve no fivoarana ?
Sao karazam-pihemorana mody mba novana anarana ?

Ny rehetra anie mijery , ny rehetra anie mitazana
Hoe `nareo ve tena miaina ny "fitiavan-tanindrazana" ?
Sa dia mba fitiavana inona ity ilay hoe lehibe indrindra ?
Sao fitiavana hisongadina ary koa hahindrahindra ?

Ny fahaizanao ny teny sy ny hiram-pirenena,
Dia porofo fa ianao dia zanaky ny Nosimena.
Raha ireo no hoe hadino , raha ireo no hoe tsy hay
Dia `ndeha mandini-tena aloha ry mihevitra ho mpitondranay

***DADAN'i ZINA (08-07-19)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka, Helisoa

**Ny minisitra mpanolotsaina ao amin'ny ambasadin'i Norvège tetsy amin'ny Lapan'ny tanàna Analakely.**









## Sakafo Ny Valosoa



**Henomby sy anana épinard indray no laoka** amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Azo atao rony izany, azo atao ketsaketsa fotsiny koa arak'izay itiavana azy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Fomba fanalana fofona ratsy amin'ny vava



Fomba fanalana fofona ratsy amin'ny vava indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androaany. Tsy voatery hoe tsy miborosy nify dia maimbo ny vava. Ary ny olona maimbo vava tsy henony ny fofom-bavany. Ny antony dia toaka, Sigara, Divay, Nify Simba, 'Aphtes', aretina any anaty, ny Solo-nify. Rehefa voadio + voaborosy tsara ny nify, Lela, Molotra. Makà rano 1,5l + Kanelina 1 sotro kely + Voan-jirofo. Ka ahontsana amin'iny. Afaka tehirizina ny ambiny. Atambatra ireto Dità + Solila + Kanelina + Argile + Jirofo. Vovoka atao solona 'Dentifrice" atao mitovy fatra ireo. Afangaro tsara. Tehirizina amin'ny Boaty maina, ary maka kely isaky ny hiborosy nify. Ankoatry ny manamanitra vava, dia manasitrana sy mitsabo ny ativava: 'Aphtes, vava-masaka, lela vakivaky, tata-bava, ny nify marary misy nana, ny hihy (Abcé).

## NY VALOSOA sy Mahavariana

### Ny tanànan'Ivohibe any amin'ny faritra Ihorombe

Ny tanànan'Ivohibe any amin'ny faritra Ihorombe indray no Mahavariana sy Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Kaominina ambanivohitra ity tanàna ity, renivohitry ny distrikan'Ivohibe. Tsy dia avo toerana izy satria 755 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Ahitana fokontany 15 ity tanàna ity. Vokatra any ny vary, ny haninkotrana isan-karazany, ny voanjo, ny tsaramaso. Mpiomby omby ny any Ivohibe. Amin'ny maha-faritra anisan'ny mitoka-monina eto amintsika azy, faritra mena amin'ny tsy fandriampahalemana ity kaominina ity. Hita ao amin'ity kaominina ity ny valanjavaboahary manokana: Pic d'Ivohibe.



# Jehovah, Madagasikara 14 jolay 2019, hafatra manokana laharana 52

**Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao.**
***Filipiana 4: 6 "Aza manahy na inona na inona fa aoka ny fivavahna sy ny fifonana mbamin'ny fisaorana no entinareo manambara ny fangatahanareo AMIKO JEHOVAH amin'ny zavatra rehetra."***

IZAHO JEHOVAH MPANJAKA dia mbola te-hilaza sy te-hanambara aminareo MALAGASY manao hoe : ***Zakaria 4: 6***. Tsy amin-kery na amimpahatanjahana fa amin'ny FANAHIKO JEHOVAH irery ihany no ahafahanareo zanak'olombelona mahefa izay atao eo amin'ny fiainanareo ambany masoandro, ambonin'ny tany misy anareo. Eto AHO JEHOVAH dia te- hananatra anareo manao hoe: hono ho'AHO, iza moa no miantoka ny fiainanareo isan'andro? Tsy maintsy IZAHO ao amin'i JESOSY, jereko sy nofantariko avokoa ny zava-drehetra ary idirako an-tsehatra na inona na inona na aiza na aiza ary na iza na iza, aza hadino fa izay miseho ambany masoandro dia itsarako anareo avokoa; ***Matio 12: 37*** *"Fa ny teninao no hanamarinana anao, ary ny teninao no hanamelohana anao."* Ary dia ampiako hoe: ny fihetsikao sy izay ataonao rehetra koa. Noho izany, henoy tsara izay lazaiko JEHOVAH ary aoka tsy lavina na toherina fa miteraka zavatra hafa indray. IZAHO JEHOVAH dia mijery sy manara-maso izay zavamisy sy mitranga eo aminareo zanak'olombelona. Rehefa niteny sy nandray anjara tamin'ilay baolina kitra AHO dia betsaka no nitsara AHY JEHOVAH nanao hoe : inona no tokony idirako amin'izany? Indro misy andalan-tsoratra tononkalo izay nosoratako taminareo ry Malagasy, tsongaiko ireto mba tsy ho hadinoinareo dia ho fantatrareo IZA tokoa moa AHO :

1- Toy izao no angatahiko aminareo

Ry Malagasy manantena ka ekeo
Ankino AMIKO JEHOVAH ny asanao
Dia ho lavorary izay kasainao

2- Toy izao no takiako aminareo "VAVAKA"

Io ihany no antoka tena mampiavaka
Raha toa te-handray valim-pitia
Aza afenina fa hianareo mifankatia

3- Mila Hery mila vavaka ireo mpilalao

Misaotra ny rehetra izay efa nanao
Misaotra ny mpitondra sy mpitantana
Misaotra ny mpijery rehetra mivantana

4- Aza miankina amin'ny fahalalanao

Fa maneke AHY amin'izay alehanao
Tandremo sao manao hoe "baolina" io
Fampahafantarana an'i Madagasikara io tadidio

Raha azonao tsara izany tononkalo nosoratako izany dia tao ny anatra tao koa ny fisaorana ary ny fampahafantarana izay tsy hainao. VAVAKA AMIKO no tena notakiako. Aty an-danitra dia misy karazan-javatra toy ny BARIKA, manana an'io avokoa ny olombelona rehetra ambany masoandro. **REHEFA MIVAVAKA HIANAREO DIA MISY ANJELY MAMATRA NY VAVAKA ATAONAREO KA REHEFA FENO IZANY DIA AZONAO NY VALIM-BAVAKA**. Izany indrindra no namporisihako anareo hivavaka foana. Ny FANDRESENA mantsy tsy azoazo amin'izao fotsiny, VAVAKA no mialohan'ny FANDRESENA, aza hadino izany na oviana na oviana. **MISY FATRA TAKIAKO AMIN'NY ALALAN'NY VAVAKA MANDRA-PAHAFENON'ILAY BARIKAM-BAVAKA**. Tao anatin'ny FAHAVEREZAN-KEVITRA izay nandalo teo aminareo hianareo dia niray saina ka nitaraina Tamiko nitoloko sy nitaraina mafy ary indro fa nivavaka na ny kely na ny lehibe na lahy na vavy. Inona no niseho? Nandray VALIM-BAVAKA ka dia nifaly, nitambatra sy nifankatia ery ka dia nahafaly AHY JEHOVAH taty an-danitra izany ary dia nanolon-tsaina anareo indrindra AHO tamin'ny LALAO manaraka. Toy izao no HAFATRA nataoko JEHOVAH tamin'izany : izany dia azo hamarinina tsara tao amin'ny **facebook compte Jehovah Mpanjaka Mandrakizay ny 08 Jolay 2019**. Koa satria efa fantatro fa hamotsotra hianareo tamin'izay notakiako : vakio anie e! nisaotra izay sokajy nisy AHO JEHOVAH tamin'izany dia ny MALAGASY TSY AN-KANAVAKA, FILOHAM-PIRENENA, MPITONDRA FANJAKANA, NY EKIPAN' NY BAREA, IREO MPANOHANA REHETRA : ARA-BAVAKA, ARA-TSAINA, ARA-TEKNIKA, ARA-PITAOVANA, ARA-BOLA, ARA-KEVITRA sy ireo maro tsy voatanisa. Hoy ny hafatro tamin'izay : ***Mbola tianareo ve ny mandresy? Aoka hivavaka ny tsirairay indrindra fa ny mpilalao, ny mpijery, eny e , hianareo Malagasy manontolo mihitsy.*** ***Aza haroharoina fahotana ny fifalianareo sy ny fandresena azonareo fa masina izay avy aty AMIKO JEHOVAH. "SAO DIA MIVADIKA ZAVATRA HAFA***. Faharesena no nisy. Ny atao hoe FIFALIANA SY FANDRESENA dia tokony tsy hiala eo amin'izay nahazo azy. Hazony izay efa azonareo sy efa noraisinareo TAMIKO ary aza avotsotra intsony fa mbola ho lava ny tantaran'i Madagasikara sy izay mbola hataoko eo aminy. Hitanareo??? Rehefa navotsotrareo ny VAVAKA ka nosoloinareo izay noheverinareo fa mety, tsy nisy vavaka intsony, samy matoky tena, samy nifety talohan'ny lalao. Iza no omenareo tsiny? VAVAKA no nohafarako sy notakiako ary fifadian-kanina. Misaotra ho an'izay nanao, nojereko ilay fatram-bavaka fa tena nampalahelo AHY JEHOVAH dia hoy AHO tamin'ity mpanompoko ity hoe : TSY MISY FANDRESENA ho anareo MALAGASY ary dia nasaiko nojereny izay nataon'ny olona tetsy sy teroa ary dia niaiky izy sady nalahelo mafy. ***I Samoela 2: 30***, izay manome voninahitra AHY no omeko voninahitra. Malagasy ô! Manana tanjona aminareo AHO JEHOVAH fa raha miverina AMIKO hianareo dia ho raisiko indray.

Amen

Mbola hitohy.

JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

Telephone : ***033 12 461 43***

E-mail: jehovahandriamanitra@gmail.com

Facebook : Jehovah Andriamanitra page

Radio:

Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora

Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora

RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

Gazety Ny Valosoa Vaovao (www.gvalosoa.com): mivoaka Talata sy Asabotsy

MINISTRA MPANOLOTSAINA NY AMBASADIN'I NORGVÈGE

# Nanolotra ny bisikileta fampiasany ho an'ny CUA

Handao an'i Madagasikara tsy ho ela ny ministra mpanolotsaina nisahana ny biraon'ny Ambasadin'i Norvège teto amintsika, Johan Kristian Meyer. Tonga nanao veloma ny tompon'andraikitry ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) izy omaly maraina, nisolotena ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana nandritra izany ny talen'ny kabinetran'ny kaominina Ranjakasoa Mparany Gabhy. Tamin'io fotoana io no nanoloran'ity diplaomaty ity ny bisikileta fampiasany ho an'ny CUA, nandritra ny fotoam-piasany teto amintsika, tsy mba nampiasa fiarakodia ity ministra



*Ny fanolorana bisikileta tao amin'ny Lapan'ny tanàna Analakely.*

mpanolotsain'ny fanjakan'i Norvège teto Madagasikara ity, fa bisikileta hatrany no nentiny niasa sy nivezivezy. Nambarany nandritra ny fihaonany tamin'ny tompon'andraikitry ny CUA, fa natao izao fanolorana bisikileta izao, mba ho fanentanana ny olona hampiasa ity fitaovam-pifamoivoizana ity, izany dia hialana amin'ny fitohanan'ny fifamoivoizana, ho fanatanjahantena koa ho an'ny mampiasa azy ary natao ho fitsitsiana solika, satria tsy mampiasa solika ny bisikileta. Voaresaka nandritra izany koa ny fiaraha-miasan'ny CUA sy ny fanjakan'i Norvège, izay nambarany fa hitohy hatrany. Ao aorian'ny teto Madagasikara, hiasa any Mali indray ity diplaomaty Norveziana ity.

***Aly***

Fitsenana ny Barea

# Niteniteny foana indray ny ministra Lalatiana Rakotondrazafy

Mendri-piderana ny fitsenana ny ekipam-pirenena Malagasy eo amin' ny baolina kitra Barean'i Madagasikara, nataon' ny vahoaka Malagasy ny sabotsy hariva sy alina lasa teo. An'hetsiny maro, mba tsy hilazana hoe an-tapitrisany ireo olona marobe tonga nitsena ny mpilalao mahery fo Malagasy, nanomboka teny Ivato, nandalo an'i Tsarasaotra, Ankorondrano, Analakely, hatreny Mahamasina tamin'io fotoana io. Nisy kosa anefa ny indro kely tamin' izany fitsenana makotrokotroka izany satria tsy tomombana araka ny tokony ho izy ny fampitana mivantana izany hetsika lehibe izany nataon'ny fahitalavi-pirenena. Dia nilaza ny ministra tompon'andraikitra Lalatiana Rakotondrazafy mahakasika izay, fa noho ny fitaovana antitra ao amin' ny TVM no nahatonga izany satria tsy nisy ny fanavaozana ny fitaovana nataon'ireo mpitondra nifandimby. Nisy fotoana, raitra dia raitra tokoa ny fitaovana tao amin'izany TVM izany, saingy nodoran-dry mpanongam-panjakana notarihan'i Andry Rajoelina izany tamin'ny taona 2009, ity ministra ity koa dia anisan'ny tamin'izany fanonganam-panjakana izany, mbola any ny sariny tamin'ny zavanitranga teny amin'ny Episcopa Antanimena. Ny dikany, niteniteny foana indray ity ministra ity tamin'ny sabotsy iny, azony natao koa no niara-niasa tamin'ny televiziona tsy miankina nahafahana nanao ny mivantana raha tsy nahatontosa izany ny TVM tamin'iny fotoana iny.

### Mari-boninahitra

Fa noho ny zava-bitany mendrika loatra, na tsy tonga tamin'ny famaranan'ny CAN aza ny Barea, fa teo amin'ny $\frac{1}{4}$-dalana no raraka, notoloran'ny fitondram-panjakana mari-boninahitra avokoa izy ireo, na ny mpilalao, na ny mpanazatra. Notolorana "Chevalier de l'Ordre de Mérite Sportif de Madagascar" ireo mpilalao. Notanterahina omaly atoandro teny amin'ny lapam-panjakana Iavoloha ny fanolorana mari-boninahitra ny Barea an'i Madagasikara izany. Nomena "Chevalier de l'Ordre de Mérite Sportif de Madagascar" avokoa izy 23 lahy sy ny mpanazatra Nicolas Dupuis.

### Sénégal sy Algérie

Mbola mitohy kosa ny lalao amin'ny dingan'ny famaranan'ny CAN 2019 any Egypta, tonga amin' ny lalao famaranana ireo mpifanandrina ankehitriny. Ny zoma 19 jolay ho avy izao no hatao ny lalao famaranana amin' ity CAN 2019 ity, hikatroka amin'izany i Sénégal sy i Algérie, lalao hanomboka amin'ny 8 ora alina. Ny lalao fiadian-toerana laharana faha-3 kosa dia hatao ny alarobia 17 jolay ho avy izao, hifandonan'i Tonizia sy Nigeria. Teo amin'ny lalao $\frac{1}{2}$-dalana ny alahady alina lasa teo : Sénégal nandresy an'i Tonizia tamin'ny isa 1 no ho 0, teo amin'ny lalao ankatoky ny famaranana faha-2 : Algérie nandavo an'i Nigeria tamin'ny isa 2 no ho 1. Ho fantatra ny zoma ho avy izao arak'izany izay handimby an'i Cameroun, ka hibata ny amboaran'i Afrika ho an'ny ekipam-pirenena, na i Sénégal, na i Algérie amin'ity taona 2019 ity.

***Lita***



*Ny sasany amin'ny mpilalaon'ny Barea notolorana mari-boninahitra.*

KAOMISARIA BORIBORITANY FAHA-4, FAHA-5 ARY FAHA-7

## Tratra ireo mpamaky fiangonana, mpanendaka, ary mpangarom-paosy



*Jiolahy anisan'ny saron'ny polisy teto an-drenivohitra.*

Miisa 73 ny fitarainana azon'ny Polisy ary efa betsaka ny olona nitondra takaitra, mahakasika an'ilay mpanendaka mpandratra olona eny amin'ny faritra Isotry sy ny manodidina. Efa ela no nitadiavan'ny Polisy avy ao amin'ny boriboritany fahaefatra azy ary tra-tehaka teny Anatihazo Isotry izy raha vao avy nanendaka mpianatra hamonjy "cyber" iny. Ilay antsy be nentiny nanendaka kosa dia natsipiny tany anaty rano rehefa fantany, fa tsy afa-nandositra intsony izy. Mbola karohina kosa ireo namany izay manampy azy amin'ny asa ratsiny. Voasambotra ihany koa ilay tovolahy namaky fiangonana sady mpamaky trano eny amin'ny faritra Anosibe iny. Tra-tehaky ny Polisy avy ao amin'ny boriboritany fahadimy tao an-tranony tetsy Andavamamba izy ary mbola tratra tao ireo entana halatra marobe izay azony toy ny groupe éléctrogène, solosaina, sns... Tsy mijanona hatreo ny ezaka ataon'ny Polisy hisamborana ireo mpangarom-paosy etsy amin' ny faritra 67ha iny. Tovolahy iray vao 18 taona no tra-tehaky ny Polisy avy ao amin'ny boriboritany fahafito manao fanamiana sivily saika hangarom-paosy ireo olona miandry taxi-be tetsy amin'ny "arrêt bus" 67ha, tokony ho tamin'ny 06 ora hariva. Niaiky ny heloka vintany izy ary efa betsaka ihany koa ny olona izay voaharon'ity tovolahy ity paosy.

***Ny Valosoa***

May trano tetsy Andravoahangy Tsena

## Tonga nanolotra fanomezana ho an'ireo traboina ny CUA



*Ny iraka avy amin'ny CUA, nitondra fanampiana ho an'ireo traboina.*

Trano 20 tafo no may kila forehitra ny sabotsy 13 jolay lasa teo tokony ho tamin'ny 6 ora 30 minitra hariva, teny amin' ny fokontany Andravoahangy tsena, Boriboritany faha-3, Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA). Tao anatin' izany dia mponina miisa 77 no tsy manan-kialofana, izay ahitana mpianatra sy vehivavy bevohoka . Tsy nijery fotsiny ny fahavoazana nahazo ny mponina ny kaominina Antananarivo Renivohitra, fa avy hatrany dia naniraka ireo mpiara-miasa aminy ny ben' ny tanàna Lalao Ravalomanana hijery akaiky ireo traboina sy hitondra fanampiana ho azy ireo, ka ny lefitra voalohan'ny ben'ny tanàna Olivier Randrianarisoa no nisolo tena azy tamin'izany, notronin'ny delegen'ny boriborintany faha-3 Hery Razafitsalama, ny tale kabinetran'ny CUA Ranjakasoa Mparany Gabhy. Nisy ny fanomezana kojakojan-dakozia ireo traboina mba hanamaivana ny fahasahiranana mahazo azy ireo. Teo ihany koa ny fitsinjovana ireo ankizy mpianatra izay miisa 17, ka notolorana fitaovam-pianarana izy ireo. Ireo vehivavy bevohoka miisa 3 kosa dia hisy ny mpitsabo hijery manokana azy ireo. Ankoatra izay, hisy ny fanampian'ny CUA ireo traboina amin'ny fanomezana azy ireo fitaovana hanaovana fanadiovana sy fidiovana ao an-toerana. Nanafatra mafy an'ireo traboina ny lefitra voalohan'ny ben' ny tanàna Olivier Randrianarisoa, mba ho mailo hatrany amin'ny resaka afo satria zavatra kely foana dia mety hampidi-doza .

***Helisoa***

Baolina kitra

## Mety ho voasazy ny Federasiona Malagasy



*Ramatoa Atallah Béatrice, filohan'ny Comité de Normalisation.*

Mety ho voasazy ny Federasiona Malagasin'ny baolina kitra (FMF), raha tsy mitandrina ireo kandida ho filohan'ny FMF. Mampalahelo ny toe-tsain'ny tompon'andraikitra sasany eto amintsika ankehitriny. Mbola vao ny sabotsy 13 jolay no niara-nisaotra sy nandray ireo maherifontsika ny Barea ny vahoaka Malagasy, ary mbola nanohy izany mari-pankasitrahana izany ny fitondrana omaly, ka nanolotra ny mari-boninahitra ho an'ireo mpilalao sy ny mpanazatra, kanefa efa miala any sahady ny ady sy ny fingampingana amin'ireo tompon'andraikitra tehitantana ny Federasiona. Araka ny vaovao voaray, maro ireo olona te ho filohan'ny FMF (Fédération Malagasy de Football). Ny tena mampalahelo, tsy mahay mifandefitra izy ireo, koa raikitra arak'izany ny fingampingana sy ny fifanaratsiana ary ny karazan'ady mangatsiaka amin'ny izy ireo samy mitetika izany toeram-boninahitra izany. Ny tena mahagaga sy mahalasa saina, asa na tsy tsapan'ny sasany amin'ny tompon'andraikitry ny baolina kitra eto amintsika ireo akory fa matoa napetraky ny FIFA (Fédération Internationale de Football Association) sy ny CAF (Confédération Africaine de Football) ny "Comité de Normalisation pour la FMF" dia noho ny disadisa sy ireo goragora isankarazany tsy nahitam-bahaolana teto amintsika. Koa raha mbola mihizingizina izy ireo manao valala ankarona dia atahorana mety hianjera amin'i Madagasikara ny sazy avy amin'ny FIFA. Nahoana ary no tsy afaka hifandefitra izay rehetra mitetika ny ho Filohan'ny FMF? Tsy azo aravona ve ny disadisa rehetra mba hahafahan'ny kitra eto amintsika mivelatra kokoa, ka mifandamina ry zareo samy mitetika io toerana io ohatra? Ny loza mihàtra mety haterak'izany mantsy amin'izao fotoana raha tsy mitandrina ireto mpiady toerana ireto dia atahorana ny mety ahavoasazy ny Federasiona eto Madagasikara, ka tsy hahazo handray anjara amin'ny fifaninanana iraisam-pirenena isika Malagasy, sanatriavina anie izany! Ary ho fotsy avokoa, sanatria tokoa anie, ireo ezaka vitan'ny Barea nandritry ny CAN 2019 ireny. Manoloana izany, misy sahady ny manome sosokevitra fa raha tsy hahay hifandefitra izy ireo dia tsy aleo hono ve Ramatoa Atallah Béatrice sy Andriamatoa Benony Jacques, izay lohandohany ao amin'ny "Comité de Normalisation pour la FMF" ihany no omena "mandat" hanohy hitantanana ny FMF. Arahintsika eo indray ny fivoran'ity raharaha manahiran-tsaina ity.

***Ny Valosoa***

## Taratasin'ny mpamaky

Taratasy ampitaina amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao izao manaraka izao, momba ny olana ao anivon'ny Paositra Malagasy. Voaray ihany ny entana. Isaorana ireo mpiasan'ny Paositra Malagasy, tamin'ny fandraisana andraikitra avy hatrany rehefa nahita ny fitarainana nataoko. Ny hanatsarana ity Paositra ity no tanjona fa sanatria tsy ny hamotehana azy, satria antsika Malagasy izy ity. Ialana tsiny raha nisy teny natao ka nanafintohina, nampalahelo, eny mety noheverina fa manimba ny endriky ny orinasa mihitsy aza. Iny fitarainana iny anefa, tetsy ankilany, dia nahitana ny zava-manjo ny maro mahakasika ny Paositra Malagasy, satria dia amanjatony isika no nilaza fahaverezana entana, na fahatarana, na fakana vola tsy andrariny. Tamin'ny 12 jolay teo dia niantso ahy ny tompon'andraikitra tao amin'ny Paositra Malagasy, rehefa maro ireo fifandraisana MP sy téléphone nifanaovana momba ilay entana. Tao anatin'ny ezaka hamahana ny olana hatrany no nisian'izany ary nifanaja avokoa.

Nilaza ny teo anivon'ny Paositra Malagasy Tsaralalana fa efa ao aminy ny entana, ary tsara ny mihaona mifampiresaka. Dia ny andron'io ihany dia noraiketina ny fihaonana. Maro ireo zavatra sy asa sahanin'ny Paositra Malagasy, ary betsaka ny dingana tsy fantatry ny maro, izay niarahanay nanaiky ny hifanampiana ampahafantatra ny olona momba izany. Anisan'izany ohatra ny lalana rehetra andehanan'ny entana vao tonga eny an-tanantsika, ny entako manokana izao, raha niala ny 06 jona 2019 tany Angletera, dia ny 10 jolay 2019 vao tonga teny Ivato, ary ny alin'io ihany dia nalain'ny Paositra Malagasy, miaraka amin'ireo entana anaty gony, na anaty carton maro. Ny 12 jolay ny entana, rehefa avy nandalo douane, vao tonga teto Tsaralalana, ary ny andron'io ihany no niantso ahy ireo tompon'andraikitra. Noentina nitety sy naka sary izay toerana azoko nidirana sy nalaina sary aho, ahitantsika ny zava-misy marina. Ampanetrentena no hilazako fa tena miasa ireo mpiasan'ny Paositra Malagasy, amin'izay fitaovana kely ananany, miezaka ihany koa ny Paositra Malagasy ny anatsarana ny fomba fiasany, sy manitatra ny asa amin'ny sehatra hafa, toy ireny mobile banking, na ilay antsoiny hoe Paositra money, izay misy carte visa mihitsy miaraka aminy.

Raha ny fanazavana nomena ahy, dia vitsy dia vitsy ny entana very eo anivon'ny Paositra Malagasy, rehefa tonga eo aminy ny entana na ny taratasy, na ny mivezivezy eto an-toerana izany, na ny avy any ivelany, na ny alefa any ivelany. Misy karazany maro ny fandefasana entana na taratasy, iverenantsika any aoriana ny fampianarana momba ireny, fa misy ny envoi ordinaire, izany hoe tsy misy fanarahana, na fetra ahatongavany ireny entana na taratasy ireny, misy kosa ny envoi recommandé na ny colis misy tracabilité na garantie délai. Ho fanatsarana, dia misy soso-kevitra azo jerena avy amiko, rehefa nahita ny zava-misy tao:

- Manana toerana lehibe ny Paositra, mety ho sarotra fa azo jerena, ny toerana Tsaralalana manaraka ny petite vitesse iny no misy ny Paositra fandefasana entana raha ny eto Antananarivo. Entana no alefa, izany hoe mety misy mavesatra, nefa na ny parking eny aza hifampitadiavana, ny toerana rahateo azo antsoina hoe toerana mafana na faritra mena, ka mazava be raha misy ny en sécurité sy milamina, dia andeha any ny olona.
- Miditra ao anaty trano ianao, trano malalaka be ary tsara, nefa indrisy fa maizina toa trano haolo no mitsena anao, tsy te hanohy ny dia raha tsy voatery mandeha ao. Azo amboarina kely ny agencement ny trano, soloina ny comptoir, asiana jiro mazava, na amakiana ny rindrina asiana fitaratra. Na ny fahazotoan'ny mpiasa aza hihatsara raha toerana tsara no iasany.
- Ilaina ny informatisation, efa mivoatra maneran-tany ny Paositra, matoa izy natambatra amin'ny technologie dia izay no tokony harahina.
- Ny entana avy any ivelany dia tokony sous-douane izany, ka ny douane, izay misy ao anatin'io trano io, izay tsy afaka nalaina sary moa, dia tokony aty amin'ny farany, nefa ny entana mivoaka mivezivezy, mety tsy hitan'ny douanier akory, satria milahatra amin'ny comptoir Paositra Malagasy.
- Tokony hisaraka ny mikirakira entana sy ny mikirakira vola, séparation de gestion matière et gestion finance, ialana amin'ny kolikoly sy ny fifanitsahana andraikitra, nefa dia eo amin'ny toerana iray, miaraka amina reçu kely fenoina tanana, nefa dia entana misy code barre sy code QR, izany hoe douchette QR fotsiny dia mivoaka daholo ny info an'ilay entana.
- Tsara asiana camera de surveillance ny toerana fasiana entana toy izao, ialana amin'ny mety fahaverezan-javatra, satria na ireny scotch manindry tampon ireny aza dia manjary mampisalasala ny olona hoe, ahoana moa ny tampon no voatsindry scotch? Na ny agencement ny entana anaty carton aza dia mampametram-panontaniana, raha tokony hanohana ny entana andaniny sy ankilany aza ny kalin'ny entana.

Raha nisokatra izany ny entana, dia taiza no nisokatra, satria tokony teo anatrehan'ny tompony sy ny douane no nanokafana ny entana.

- Mba mandalo scaner ve ireny entana ireny, sao misy zavatra mamoafady?

Mamerina ny fisaorana sy fankaherezana ny mpiasa rehetra ao amin'ny Paositra Malagasy, tsy ny ao Tsaralalana ihany fa manerana ny Nosy. Orinasa iaraha-manana, fa azonay atao ny mitondra ny anjara birikinay ampahafantarana bebe kokoa ny asan'ny Paositra Malagasy. Isaorana ihany koa ireo tale, tale jeneraly, eny hatrany amin'ny ministera izay nanaraka akaiky izao toe-draharaha izao, ary dia ny commentaire- tsika rehetra teto dia imprimé avokoa, ary nakarina any amin'ireo tompon'andraikitra ambony ary tena nojerena akaiky. Misy ny sampan-draharaha momba ny fitarainana ao amin'ny Paositra Malagasy, aza misalasala manatona na mifandray amin'izy ireo hamahana ny olana, miasa tsara ihany koa ny serasera anivon'ny FB ao amin'ny compte Paositra Malagasy, azo hifandraisana.

***Patrick Raharimanana***
***Mpamaky gazety Ny Valosoa vaovao***

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**13/07/19 hatramin'ny 20/07/19**

- **NY AINA** (Andravoahangy Ambony) 020 22 229 95
- **AICHA** (Près Cenam 67ha) 020 22 620 02
- **RAKOTOARIVONY** (Analakely en face lycée Rabearivelo) 020 22 240 64/034 45 222 05
- **SANTE** (Behoririka 1ère à droite à partir station Shell) 020 22 540 32/ 032 05 540 32
- **MAHASOA** (Andrefan'Ambohijanahary) 020 22 622 50

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 930-07-19
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

FITRANDRAHANA VOLAMENA

## Tsy misy ny tamberim-bidy ho an'ny any Ambatoben'Anjavy sy Betsiaka

Betsaka ny vokatra volamena mivoaka avy ao anivon'ny Kaomina ambanivohitra Ambatoben' Anjavy sy ny Kaomina ambanivohitra Betsiaka, izay samy ao anatin'ny Distrikan'Ambilobe Faritra Diana iny amin'izao fotoana. Misy anefa ny olana ankehitriny noho ny tsy fisian'ny tamberim-bidin'ireo vokatra ao an-toerana, ka nahatonga an'ireo tomponandraikitra avy amin'ny Ivotoeram-pirenena misahana ny sehatr'Asa volamena, nidina tany an-toerana nandritra ny telo(3) andro ny herinandro lasa teo, nijery ifotony izany olana izany. Fantatra koa fa efa tonga any an-toerana amin'izao fotoana izao ny mpitdrandraka volamena sinoa, ka mifaninana amin'ny mpitrandraka madinika Malagasy, olana koa izany toe-javatra izany satria hari-fitaovana ny mpitrandraka sinoa, ka zara raha mahazo volamena ny mpitrandraka volamena Malagasy madinidinika.

***Aly***

Fitsenana ny Barea

## Mankasitraka ny vahoaka ny polisy, tsy nisy ny fihoaram-pefy

Ny Polisim-pirenena dia mitondra ny fisaorana sy fankasitrahana ho an'ny vahoaka Malagasy tamin'ny fitsenana makotroka nomena ny Barea ny Sabotsy lasa teo. Raha mahakasika ny filaminana manokana dia tsy nahitana fandikandalàna izany fa nanaraka ny torolalana avokoa ireo vahoaka na dia nisy aza ireo olona maro nentanin-kafaliana be loatra, ka nibahana ny lalana nandalovan'ny ekipam-pirenena Malagasy. Amin'ny ankapobeny dia azo lazaina fa nilamina ny fitandroana ny filaminana ary mankasitraka ny Malagasy rehetra ny Polisim-pirenena tamin'ny fanampiana sy ny fahendrena nasehon'izy ireo, ka tsy nahitana fihoaram-pefy nandritra iny fotoan-dehibe ho an'ny firenena iny. Polisy an'arivony no nahetsika nandritra iny andro lehibe ny sabotsy lasa teo iny nanomboka tany Ivato, ka hatraty Mahamasina.




*Ny fitsenana ny Barea ny sabotsy teo.*

***Ny Valosoa***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 286**




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0285)

***Mitsivalana***

- Takotra
- Ena – To
- Matoatoa
- Piso
- Aty
- Lakana
- Malagasy (Miv)

***Mitsangana***

- Tempoly
- Anay – As
- Katsaka
- OO – A.G
- Tia – Ana
- Total
- Ota (Miv)
- Hao (Miv) – PM

ORTANA


## « Randonnée » Ambatofotsy, Ankadinandriana indray ny sabotsy 20 jolay izao

Manomana hetsika fizahantany laroina fanatanjahantena na « randonnée » indray ny Ortana, na ny ofisim-paritry ny fizahantany amin'ny faritra Analamanga ny sabotsy 20 jolay ho avy izao. Ambatofotsy Antananarivo Atsimondrano ka hatrany Ankadinandriana indray no toerana halehan'ny mpandray anjara amin'izany, mirefy eo amin'ny 15,3 km ary hoezahan'ny mpandray anjara halaina ao anatin'ny ora 5 sy sasany amin'ny dia an-tongotra, na laroina hazakazaka madinidinika koa. Sady hizahatany mifoka rivotra madio, no hahita ny hakanton'ny voahary amin'ireo toerana roa ireo ny mpandray anjara mandritra izany. Ambatofotsy dia mpamokatra frezy, anana isan-karazany, voninkazo, hita any Ankadinandriana kosa ireo vokatry ny tany samy hafa. Sady handeha amin'ny lemaka no hiakatra tendrombohitra ireo handray anjara amin'izany « randonnée » izany. Amin'ny 6 ora maraina no hiaingana eo Antaninarenina amin'io fotoana io.

***Aly***



### TENY MIFANAPAKA N° 286




**Mitsivalana**

**1.** Fanjai-be – Ao Bongolava **2.** Fiantsoana sy tsirairay **3.** Fisotro – Renirano **4.** Tsy ivelany – Teny faniriana **5.** Saka, piso – Nivadika (Miv) **6.** Eo amin'ny loha (Miv) – Fery **7.** Fanitarana – Metaly **8.** Tandindona – Loza (BL) **9.** Mampiray – Napetrako (Miv) **10.** Loko

**Mitsangana**

**A.** Bingo – Tao **B.** Nahodina **D.** Vanim-potoana **E.** Notanterahany (Miv) – Kosa **F.** Lavitra tsy hita maso – Triatra **G.** Mahantra (Miv) – Zava-mamy tsy misy lohany – Ao amin'ny nono **H.** Tovona – Ao amin'ny Baiboly – Asa (Miv) **I.** Laza (Miv) – Toerana **J.** Manjelatra **K.** Ahy sy Azy ireo (Miv) – Tapitra (BL)

### Valiny Teny mifanaraka 0285

***Mitsivalana***

1 *Mandrevy* **2.** Adala (Miv) – *Ma* **3.** Nay – Itasy **4.** Dina – Avana (Miv) **5.** Ana – Ory – OM **6.** Alaotra **7.** Nana (Miv) – Dio (Miv) **8.** Zanakao **9.** Ririnina (Miv) **10.** *Mianiana*

***Mitsangana***

**A.** *Mandà* – Azy **B.** Alaina **D.** Naina – Anay **E.** DD – Anana **F.** Ray – Nikalo (Miv) **G.** Taranany **H.** Voanio – O, I, A **I.** Sa – To – RN **J.** *Mivory* – Ia **K.** Ha – Radama (Miv)

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

Ny Kongresy nasionalin'ny antoko TIM teny Tanjombato ny sabotsy teo.









Ny fankalazana ny fetim-pirnena Frantsay teny Ivandry ny alahady teo.






Ny atrikasa tetsy amin'ny hotel Carlton nataon'ny Hetsiky ny olompirenena miady amin'ny hosoka sy ny halabato.



